## Filazana

| | |
|---|---|
| Daty: | 11 mey 2018 |
| Ho an'ireo: | Manampahefana Ambony; Fiadidian'ny Vondrona Fanampiny maneran-tany; Filohan'ny tsatòka, misiôna, distrika; Eveka sy filohan'ny sampana; Fiadidian'ny Kôlejin'ny Loholona; ary Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana, Zatovolahy sy Zatovovavy ao amin'ny tsatòka sy paroasy |
| Avy amin'ny: | Departemantan'ny Fisoronana sy ny fianakaviana (801-240-2134) |
| Antony: | Filazana, 11 mey 2018: Fanontaniana mateti-pitranga fanampiny mahakasika ny Fanompoana amin'ny alalan'ny Kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fiakambanana Ifanampiana matanjaka kokoa |

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

Ny taratasy nampiarahana tamin'ilay taratasin'ny Fiadidiana Voalohany momba ny "Manompo amin'ny alalan'ny kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana matanjaka Kokoa," tamin'ny 2 aprily 2018, dia ahitana fanontaniana sy valiny maromaro izay manampy amin'ny fampiharana ireo fanovana nambara nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny aprily 2018.

Ny valin'ireo fanontaniana fanampiny dia hita ato amin'ity filazana ity. Ireo fanontaniana sy valiny ireo dia nampiana ihany koa ao amin'ny pejin'ireo fanontaniana mateti-pitranga ao amin'ny ministering.lds.org.

Fandikana ny *Notice, 11 May 2018: Additional Frequently Asked Questions about Ministering.* Malagasy. 15702 654

# Manompo amin'ny alalan'ny kôlejy ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka sy Fikambanana Ifanampiana matanjaka kokoa

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

Fanontaniana mateti-pitranga fanampiny, 11 mey 2018

---

## Kôlejy sy ny Fikambanana Ifanampiana

1. **Manamafy orina ny anjara asan'ny eveka sy ny filan-kevitry ny paroasy ve ny fifantohana amin'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana?**

   Eny. Ny eveka no mpisorona avo mpiahy sy "manome torolalana sy tolo-kevitra an'ireo mpitarika hafa ao amin'ny paroasy" (*Boky torolalana1,* 2.1.1). Izy no manamarina sy manome fankatoavana ireo anjara andraikitra amin'ny fanompoana. Eo ambany fitarihan'ny eveka, ny filankevitry ny paroasy dia manohy ny anjara andraikiny manan-danja "[h]anampy ny olona tsirairay hanorina fijoroana ho vavolombelona, sy handray ireo ôrdônansin'ny famonjena, sy hitandrina ireo fanekempihavanana, ary ho tonga mpanaradia mahafatra-po an'i Jesoa Kristy" (*Boky Torolalana 2,* 4.4). Ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana matanjaka kokoa—izay isoloan'ireo fiadidiana tena, izay mpikambana ao amin'ny filankevitry ny paroasy—dia hampitombo ny fahombiazan'izany filankevitra izany.

2. **Inona no kôlejy misy ireo mpikambana ao amin'ireo fiadidian'ny tempoly, sy misiôna ary Ivontoerana Fanofanana ny Misiônera?**

   Ireo rahalahy ireo dia mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny loholona any amin'ny paroasy misy azy.

3. **Raha eo anivon'ny tsatòka, mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny mpisorona avo ve ireo mpisorona avo izay ao anatin'ny fiadidian'ny sampana?**

   Tsia. Ireo mpisorona avo izay mpikambana ao amin'ny fiadidian'ny sampana ao amin'ny tsatòka dia tsy mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny mpisorona avo. Ireo mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny mpisorona avo dia ireo izay manana antso izay mitaky azy ho mpisorona avo ny antsony ao amin'ny fiadidian'ny tsatòka, ao amin'ny episkôpà, ao amin'ny filankevitra avo, ary ireo patriarika am-perinasa.

4. **Mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny mpisorona avo ve ireo loholona manompo ao amin'ny episkôpà (ohatra, ao amin'ny tsatòkan'ny tanora tokan-tena) ?**

   Tsia. Ireo loholona ao amin'ny episkôpà dia tsy mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny mpisorona avo.

5. **Tokony hamangy na hanao dinidinika indray mandeha isan-taona ny mpikambana ao amin'ny kôlejiny ve ireo fiadidian'ny kôlejin'ny loholona (jereo ny *Boky Torolalana 2,* 7.3.2)—ho fanampin'ny fanaovana dinidinika momba ny fanompoana fanao isan-telo volana?**

   Eny. Tafiditra ao anatin'ny andraikitr'izy ireo amin'ny ankapobeny, ireo fiadidian'ny kôlejin'ny loholona dia tokony hanao dinidinika ireo mpikamban'ny kôlejy momba ireo andraikitra ao amin'ny fisoronana rehetra—tafiditra amin'izany ny firindran'ny fiainan'ilay mpihazona fisoronana, sy an'ny vadiny ary ny an'ny fianakaviany—indray mandeha isan-taona farafahakeliny. Ireo dinidinika ireo dia afaka atao amin'ny fotoana rehetra mandritra ny taona. Io resadresaka io dia tsy tokony hakambana amin'ny dinidinika momba ny fanompoana izay atrehan'ny mpiara-manompo ihany koa.

6. **Iza no afaka manampy ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana hanatanteraka ny asan'ny famonjena?**

   Ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana dia afaka mifandamina amin'izay mety hanampy azy ireo hanatanteraka ny asa araka izay ilaina. Ohatra, azon'izy ireo atao ny miantso mpikambana hitarika sy hanampy amin'ny asa toy ny asa fanompoana, ny asan'ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana, sy ny fizarana ny filazantsara, ary ny fifanampiana.

7. **Afaka manana kôlejin'ny loholona na Fikambanana Ifanampiana mihoatra ny iray ve ny paroasy iray?**

   Eny. Ao anatin'ny fanahin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:89, rehefa manana isan'ny mpihazona Fisoronana Melkizedeka betsaka tsy araka ny mahazatra ny paroasy iray dia azon'ny mpitarika atao ny manangana kôlejy mihoatra ny anankiray. Rehefa mitranga ny toy izany dia tokony hifandanja tsara ny kôlejy tsirairay avy eo amin'ny lafiny taona sy traikefa ary anjara fanompoana sy hery ao amin'ny fisoronana. Mihatra amin'ny Fikambanana Ifanampiana ihany koa ireo fitsipika ireo.

## Manompo

8. **Amin'ny fomba ahoana no hampiharana ny fanompoana eo amin'ireo mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny mpisorona avo?**

   Eo ambany fitarihan'ny evekan'izy ireo, izay mpisorona avo mpiahy eo anivon'ny paroasy ireo mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny mpisorona avo sy ny fianakavian'izy ireo dia manana rahalahy sy rahavavy mpanompo azy ireo voatendrin'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana misy azy ireo.

   Koa satria ireo fiadidian'ny tsatòka sy ireo episkôpa no tompon'andraikitra amin'ireo mpikambana rehetra ao amin'ny tsatòka na paroasy, ireo rahalahy ireo amin'ny ankapobeny dia tsy tendrena ho rahalahy mpanompo ho ana isam-batan'olona na fianakaviana voatendry. Ireo mpikambana ao amin'ny filankevitra avo sy ireo patriarika am-perinasa dia azo omena andraikitra mifanaraka amin'ny toe-javatra misy eo an-toerana araka izay tapaky ny filohan'ny

tsatòka. Raha toa ka omena andraikitra izy ireo, dia ny filohan'ny kôlejin'ny loholona eo ambany fitarihan'ny evekan'ny paroasy misy azy ireo no manome izany.

Ho fanampin'ireo andraikitra manan-danja hafa toy ny maha-mpisorona avo mpiahy sy ny mpitsara tsotra ny rehetra ao Israely azy, ireo eveka dia manana andraikitra manokana, miaraka amin'ireo mpanolotsainany, hikarakara ny zatovo. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:15 dia mivaky toy izao: "ny episkôpà no miadidy io fisoronana [Aharôna] io sy mihazona ny fanalahidiny na ny fahefany." Ny ao amin'ny *Boky Torolalana 1,* 2.2 dia milaza fa: "Ireo mpikambana ao amin'ny episkôpà dia miahy sy mikolokolo ny zatovolahy sy ny zatovovavy ao amin'ny paroasiny."

Mitovy amin'izany ihany, ny filohan'ny tsatòka, amin'ny maha-mpisorona avo mpiahy azy, no "mpitarika ara-panahy voalohany ao amin'ny tsatòka (*Boky Torolalana 1,* 1.1.1) ary "miahy ny asan'ny famonjena" (*Boky Torolalana 1,* 1.1.2).

**9. Azon'ireo filohan'ny kôlejin'ny loholona sy Fikambanana Ifanampiana atao ve ny miantso mpanolotsaina fanampiny hanampy azy ireo amin'ny fanompoana?**

Tsia. Ny filoha iray dia manana mpanolotsaina roa. Raha toa ka hitan'ireo mpitarika fa mila fanampiana fanampiny izy ireo dia afaka mikaondoha amin'ny eveka izy ireo momba ny fiantsoana mpitantsoratra mpanompo iray na mihoatra. Ireo mpitantsoratra mpanompo ireo dia azo omena andraikitra amin'ny fandrindrana ireo fotoana hanaovana dinidinika momba ny fanompoana sy manampy manomana tatitry ny dinidinika fanao isan-telo volana.

**10. Inona no andraikitr'ireo tompon'andraikitra mpandrindra sy mpanara-maso momba ny fanompoana?**

Ny antson'ireo tompon'andraikitra mpandrindra sy mpanara-maso momba ny fanompoana dia natsahatra. Ireo izay nantsoina tamin'ireo anjara toerana ireo dia tokony hisaorana.

**11. Iza no mitarika ireo dinidinika momba ny fanompoana?**

Ny mpikambana tsirairay ao amin'ny fiadidian'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana no mitarika ireo dinidinika momba ny fanompoana. Na dia ao amin'ny paroasy lehibe iray aza, ireo mpitarika dia hahita fa ho azo atao tsara ireo dinidinika rehefa manao izany tsikelikely isan-kerinandro ny mpikambana tsirairay ao amin'ny fiadidiana tsirairay avy. Ireo dinidinika momba ny fanompoana dia tsy voatery ho lava be vao hoe mahomby.

**12. Rahoviana mandritra ny isan-telo volana no hanaovan'ny mpitarika ny dinidinika momba ny fanompoana?**

Ireo dinidinika momba ny fanompoana dia azo tanterahina *amin'ny fotoana rehetra* ao anatin'ny ny isan-telo volana tsirairay—ary tsy voatokana ho ny herinandro farany na ny volana farany amin'ny telovolana izany. Rehefa manao dinidinika tsy tapaka ireo mpitarika dia ho hitan'izy ireo fa afaka manatontosa ny tanjona ara-panahy sy ara-batan'ny fanompoana izy ireo.

## Fampandraisana anjara ireo zatovo amin'ny Fanompoana

**13. Azo tendrena miaraka amin'ny mpiara-manompo olon-dehibe ve ny zatovolahy sy ny zatovovavy?**

Eny. Ny torolalana tao amin'ilay filazana natao vao tsy ela manao hoe "Preventing and Responding to Abuse (Fisorohana sy fandraisana andraikitra manoloana ny fanararaotana)" dia mamela ny fiarahana manompo amin'ny zatovo izay voatendry ho mpiara-manompo amina olon-dehibe. Tsy raisina ho "fiaraha-mientana" iray na "kilasy" iray ny "fanompoana" araka ny voalaza ao amin'ireo torolalana ireo.

Ireo mpitarika dia tokony hampiasa fandanjalanjana entanim-panahy rehefa manendry tanora ho mpiara-manompo. Ireo mpiara-manompo olon-dehibe dia tokony hisoroka ny fisian'ny toe-javatra izay mety hampiahiahy. Tokony ho malina izy ireo amin'ireo fotoana maha irery azy ireo amin'ny toerana mitokana mba hahafahan'ny tanora ho voaro sy hiaina zava-tsoa avy amin'ny fanompoana. Manarak'izany, mila mampiasa fahendrena ihany koa ka tsy manendry tanora hiandraikitra tokantrano na fianakaviana anatin'ny toe-javatra sarotra.

**14. Tokony hotendrena amin'ny andraikitra fanompoana ve ny Farimbona sy ny Ravintsara?**

Azo asaina hanompo ny Farimbona sy ny Ravintsara. Tokony hifampiresaka amin'ny zatovovavy tsirairay ireo ray aman-dreny sy mpitarika ary rehefa mamela azy hanao izany ny toe-javatra misy azy ka vonona ny hanompo izy dia afaka omena andraikitra fanompoana iray izy. Ny zatovovavy dia natao hiara-hanompo amin'ny rahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana.

**15. Iza no mampilaza momba ireo andraikitra fanompoana amin'ny tanora?**

Miaraka amin'ny fankatoavan'ny eveka, ny mpikambana iray ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana dia manolotra andraikitra hanompo amin'ireo Farimbona sy ny Ravintsara. Ary miaraka amin'ny fankatoavan'ny eveka hatrany, ny mpikambana iray ao amin'ny fiadidian'ny kôlejin'ny loholona dia manolotra andraikitra hanompo amin'ireo mpampianatra sy mpisorona.